## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**05/07/2023 hatramin'ny 12/08/2023**

- **MIARO** (Galerie Aro Ampefiloha) 020 79 621 18 / 032 05 224 32
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 034 05 224 70 / 032 11 224 70 / 033 05 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
- **GISELE** (Ambodivonikely Anosivavaka Ambohimanarina) 020 23 617 59/034 10 302 42
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12/038 22 245 12

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1461-08-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**MORONDAVA**

# May noho ny delestazy ny Centre Eco-Touristique Menabe

May noho ny delestazy ny Centre Eco-Touristique Menabe any Morondava. Nitrangana haintrano tao amin'ny fokontany Betela ao amin'ny kaominina Morondava ny alin'ny alatsinainy teo, ka orinasa centre eco-touristique du Menabe no may noho ny delestage. Raha ny fanamarihan'ireo mpiasa, satria tapaka ny jiro tamin'ny dimy ora hariva ary niverina tamin'ny sivy ora alina, saingy tsy marintoerana ny tanjakan'ny herinaratra, ka niteraka ny loza, izay efa tamin'ny 12ora alina vao hitan'ny mpiasa tao ny afo. Rava tanteraka ny orinasa, ho an'ireo mpanao asa-tanana sy mpanjaitra ary ireo vokatra efa vita sy ireo akora ary fitaovampiasana ary ireo milina marobe an'ny mpandrafitra sy mpanjaitra. Mitotaly 300.000.000 Ariary ny teti-bidin' ny fahasimbana ary mpiasa 120 no very asa tsy fidiny vokatr' izany. Tonga teny an-toerana ireo sembana mpanao asa-tanana, sy ny tompon'andraiki-panjakana izay notarihin'ny Prefet-an'i Morondava. Orinasa iray ao anatin'ny Groupe Kimony & Resort ity orinasa ity, hany mampiasa tanora sy sembana eto Morondava ny CEM na ny centre eco-touristique du Menabe, misehatra eo amin'ny fampiroboroboana ny fizahantany sy asa-tanana ato Menabe. Mitebiteby sy sahirantsai- na ireo tanora sy sembana miasa ao vokatr'izao loza izao, ka manao antso avo amin'ny fitondram-panjakana izy ireo ny mba hijerena vahaolana sy fanampiana ho azy ireo . Tsara ho marihina fa maro ireo orin' asa madinika efa nitondra takaitra vokatry ny delestage teto Morondava, indrindra fa tamin'ity taona ity. Efa maro koa ireo fitaovana simba, isan'izany ny émetteur an'ireo onjampeo eto Morondava, izay efa saika niharan'ny fahasimbana avokoa ary ao ireo mbola tsy vita, izany hoe misy onjam-peo mbola tsy mandeha nohon'ny fahasimbana nateraky ny delestage ; ary maro koa ireo trano may fa tsy misy ny fandraisana andraikitra ataon'ny orinasa Jirama, izay raha ny lalàna velona eto amintsika dia tokony ho ny Jirama no manolo ireny fahasimbana vokatry ny kalitaon'ny herinaratra ireny. Manao antso avo koa ny mponina, fa tsy ampy ny mpamonjy voina sy ny fitaovana famonoana afo, satria dia fiara iray efa reraka no mba misy ao ka misy foana ny fahatarana rehefa misy loza toy izao, etsy ankilany koa ny tsy fahampian'ny rano . Manontany tena ny rehetra hoe dia hiampy indray ve izany ny tsy an'asa vokatr'izao loza izao, satria dia mety ho very asa anatin'ny fotoana lavalava raha mbola tsy ho tafarina ny orinasa na koa dia ho very asa tanteraka, raha sanatria tsy tafarina intsony ny orinasa . Efa niantso ny tompon'andraikitry ny Jirama ny tompon'andraikitry ny orinas, fa dia nasaina nanao tatitra nefa dia mbola tsy nisy valiny sy fandraisana andraikitra nataon'ny Jirama. Fa tamin'ny fotoanan'ny Festival Rifatsa, izay nokarakarain'ny solombavambahoaka Tsiliva dia ny toerana nisy ny hetsika dia tsy tapaka mihitsy fa ireo fokontany rehetra dia maizina hatrany rehefa tonga ny hariva. Eny fa na dia efa tapitra aza ny 3 herinandro izay nolazain'ny filoha Andry Rajoelina dia mbola tsy mivaha hatreto ny olan'ny delestazy aty Morondava.



*Ny firehetana tao amin'ny ECM Morondava.*

***Rajepa***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 441**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0440)

*Mitsivalana*
- Fahotana
- Avela (miv)
- Renirano
- Ahy (miv) – Ar
- Ta – Ako
- Nisava (miv)
- Anay – Iva

*Mitsangana*
- Faritra
- Aleha
- Hena – AA
- Ovy – Avy
- Tarika
- Osy
- Nana – IV
- Orona

## TENY MIFANAPAKA N° 441




**Mitsivalana**

**1.** Loka sy amboara izay zaraina *2.* Bengy – Fanontaniana **3.** Finoana **4.** Toby fianarana – Karazana sazy **5.** Tampisaka – Mailo, mahina, mandamin-tsaina **6.** Mpisolo tena (miv) – Lehilahy **7.** Isa omena **8.** Karazam-by (miv) – Natoky **9.** Taova – Satria – Ariary **10.** Mari-drefy – Haja sy voninahitra – Renirano

**Mitsangana**

**A.** Vahoaka ao amin'ny fokontany **B.** Raharaha izay atao – Zanak'i Dada – Tsy sarotra (BR) **D.** Nandeha soavaly sy moto **E.** Ao amin'ny boky – Simba sy masiso **F.** Tsy mikorontana **G.** Marika – Mitempo **H.** Olona be taona **I.** Vizana – Marikandro **J.** Mampisafidy – Mitsako (BR) **K.** Fanadinana – Mahantra

## Valiny Teny mifanaraka 0440

**Mitsivalana**

**1**.Matoanteny **2.** IF - Aloa (miv) **3.** Notolorana **4.** OM - Vato (miv) **5.** Sambava - Ao (miv) **6.** Penina **7.** Taolana - IA **8.** RN - Osa - DDT **9.** Adinony - Ro (miv) **10.** Ahitana

**Mitsangana**

**A** Minisitra **B.** Afo- (M)ando **D.** Tompo **E.** Olombelona **F.** Hosana (miv) **G.** Nao - Vinany **H.** Toroana - Ti (miv) **I.** Tale (miv) **J.** Nanao - Nody (miv) **K.** Avaratra